# Filan-kevitra momba ny fifindra-monina & Visa ho an'ny olona iharan'ny fanolanana sy herisetra

Ireo mpianatra sy mpanovo fahalalana avy any ivelany mila fanazavana fanampiny mikasika ny taratasy fifindra-moniny dia afaka manatona mpisolovava natokana ho an'ny fifindra-monina. Ity toro-lalana ity dia mitondra fanazavana mikasika ny lalàna kanefa tsy mahasolo ny toro-hevitra avy amin'ny mpahay lalàna.

**Niharan'ny herisetra aho. Misy fiatraikany eo amin'ny fahafahako mahazo toro-hevitra any amin'ny tobim-pianarana ve ny fiovan'ny taratasy**

Tsia. Araka ny fehezan-dalàna faha IX tamin'ny 1972 mikasika ny Fampianarana (faha IX) sy ny asa fanoherana ny herisetra atao amin'ny vehivavy (VAWA), ny mpianatra sy ny mpiasa niharan'ny herisetra sy fanolanana dia mitovy zo na inona na inona sokajin'ny taratasy fifindra-monina ananany.

| | |
|---|---|
| Ny filan-kevitra mikasika ny fitsaboana sy ny toro-hevitra any amin'ny tombim-pianarana, ary ny momba ny trano afaka ivantanana dia azo jerena ao amin'ny: | https://1is2many.okstate.edu/ |
| Ny filan-kevitra mikasika ny fitondra-tenan'ny mpianatra dia azo jerana ao amin'ny: | https://studentconduct.okstate.edu/code |

Tsy hamalifaty na koa hanavakavaka anao ny sekoly vokatry ny fanaovanao tatitra mikasika ny herisetra nahazo anao.

**Afaka mametraka fitarainana mikasika ny herisetra ve aho raha mpifindra monina manana taratasy ara-dalàna na tsia?**

Eny. Azonao jerena ao amin'ny pejy Rapport de Sécurité Annuel ny rijan-

kevitra mamaritra ny fanolanana, herisetra an-tokantrano, herisetra ataon'olon-

tiana mahazo anao araka ny Faritra mizaka-tena misy anao. Tsidiho ny: https://police.okstate.edu/annual-security-reports

Raha misy fanontaniana manokana momba ny fametrahana fitarainana dia azonao alefa any amin'ny:

Oklahoma State University Police Department, OSUPD
104 USDA Building, Stillwater, Oklahoma 74078
405-564-6523
https://police.okstate.edu/
1is2many@okstate.edu

**Misy visa na fahazoan-dalana manokana ho an'ny olona niharan'ny herisetra ve?**

Eny. Ny olona niharan'ny fanolanana, herisetra an-tokantrano na herisetra ataon'olon-tiana dia afaka mahazo visa karazany hafa ary anisan'izany ny Visas U sy T. Raha mila fanazavana manokana dia miresaha amin'ny mpisolovava natokana ho an'ny fifindra-monina.

| Visa U | Visa T |
|---|---|
| Natao ho an'ny olona niharan'ny herisetra ara-batana sy ara-tsaina vokatry ny fanolanana, herisetra an-tokantrano, fandrobana na herisetra hafa<br>-Ny mpangataka io visa io dia niharan'ny herisetra voatondro ary afaka mitondra fanampiana amin'ny fanatrarana ny olona nanao izany herisetra izany<br>-Manan-kery mandritra ny efa-taona amin'ny ankapobeny<br>-Raha mila fanazavana fanampiny dia manatona mpisolovava natokana ho an'ny fifindra-monina ary tsidiho ny:<br><br>http://www.uscis.gov/humanitarian/victims-human-trafficking-other-crimes/victims-criminal-activity-u-nonimmigrant-status/victims-criminal-activity-u-nonimmigrant-status | Ho an'ny niharan'ny fangalaran'olona<br>-Mila manaiky ny hiara-hiasa amin'ny manam-pahefana amin'ny fanatrarana sy fanadihadiana ilay asa fangalaran'olona (raha tsy hoe tsy afaka noho ny olona ara-batana na ara-tsaina vokatry ny zavatra nahazo azy), ary mila afaka manaporofo fa mety ho sahirana be tokoa ilay mpangataka visa/ilay niharan'ny herisetra raha mivoaka ny Etazonia.<br>-Manan-kery mandritra ny efa-taona amin'ny ankapobeny<br>-Raha mila fanazavana fanampiny dia manatona mpisolovava natokana ho an'ny fifindra-monina ary tsidiho ny:<br><br>http://www.uscis.gov/humanitarian/victims-human-trafficking-other-crimes/victims-human-trafficking-t-nonimmigrant-status |

**Misy olona afaka manampy ahy ve ao amin'ny tombim-pianarana raha mila fanazavana misimisy aho?**

, International Students & Scholars
250 Student Union, Stillwater, OK 74078
405-744-5459
https://lcl.okstate.edu/iss/
su-iss@okstate.edu

Ny birao natokana ho an'ny mpianatra avy any ivelany dia afaka manome anao fanazavana mikasika ny fifindra-monina. Marihina fa raha mila fanazavana mikasika ny fiovana ivelan'ny visa natokana ho an'ny mpianatra, F-1 sy J-1, na ny visa tohanan'ny mpampiasa dia mila manatona mpisolovava voatokana ho an'izany ianao.

| Fahafahana manokana mifandraika amin'ireo visa | |
|---|---|
| Ho an'ny mpianatra, F-1 sy J-1<br>• Fahafahana mampihena ny fianarana tokony ratovona nohon'ny antony ara-pahasalamana voamarin'ny dokotera tsotra, dokotera osteopathe, na psycologue clinique<br>• Fahafahana miala amin'ny fandaharam-pianarana misy anao<br>• Filan-kevitra momba ny fiverenana hianatra raha nifidy ny hiala ilay mpianatra<br>• Misitraka na mihatra amin'ny vady izay manaraka ilay mpianatra ihany koa ireo fahafahana na olana mety hiseho ireo.<br>• Filan-kevitra mikasika ny fahafahana manova visa.<br>• Filan-kevitra mikasika ny visa U sy T. (Toro-làlana fitadiavana mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina)<br>• Toro-làlana fitadiavana mpisolovava mahay | Mpiasa H-1B, O-1, E-3, na TN<br>• Fahazoana alalana tsy miasa, izay misy fiatraikany amin'ny taratasy fifindra-monina anananao<br>• Misitraka na mihatra amin'ny vady izay manaraka ilay mpiasa ihany koa ireo fahafahana na olana mety hiseho ireo.<br>• Filan-kevitra mikasika ny fahafahana manova visa. Manatona mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina<br>• Filan-kevitra mikasika ny visa U sy T. (Manatona mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina)<br>• Manatona mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina<br>• Fahazoan-dalana ahazoana mipetraka mahatritra any Etazonia izay mbola miandry fankatoavana (Green Card mbola tsy nahazo fanohavana)<br>• Mety hisy fiatraikany mety handaozanao ny asanao amin'ny taratasy fahazoan-dalana hipetraka maharitra nangatahin'ny mpampiasa anao;<br>• Toro-làlana fitadiavana mpisolovava mahay |

**Inona no atao hoe mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina ary inona no ataony?**

Ny mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina dia manam-pahaizana manokana mikasika ny lalàna mifehy ny fifindra-monina. Misolo vava ny olona iantohany izy ary afaka misolo tena azy ireo manoloana ny sampandraharaha misahana ny fifindra-monina na eo amin'ny fitsarana izany na eo amin'ny fikirakirana taratasy ilaina momba ny fifindra-monina. Afaka manome toro-lalana na ihany koa mampiseho ny safidy azon'ny mpangataka raisiny izy. Toy ny mpisolovava rehetra dia tsy maintsy manaraka ny fenitra matihanina sy manaraka ny lalàna izy ireo ary mitazona ho tsiambaratelo ny resaka rehetra ifanaovany amin'ny olona ampiany.

**Aiza no ahitako mpisolovava voatokana ho an'ny fifindra-monina?**

| |
|---|
| Ao amin'ny sampan'asa Amerikana misahana ny fifindra-monina (USCIS), ny birao misahana ny fiarovana anatiny (DHS), dia manana tranokala roa ahafahan'ny rehetra mahazo toro-hevitra momban ny lalàna maimaimpoana na amin'ny sarany mirary:<br>USCIS: Tranokala fitadiavana Mpisehatra momba ny Lalàna<br>USCIS: Tranokala fitadiavana toro-hevitra amin'ny Fiaraha-monina misy anao |
| Ny Board of Immigration Appeals (BIA) dia manome lisitra mpisolovava isaky ny Faritany izay afaka manampy maimaimpoana na amin'ny sarany mirary mikasika ny fifindra-monina. |
| Ny American Immigration Lawyers Association (AILA) dia manome fanampiana ao amin'ny internet izay manampy ny mpianatra sy ny mpanovo fahalalana amin'ny fikarohana mpisolovava momba ny fifindra-monina. |
| Ny American Bar Association ihany koa dia afaka monoro hevitra anao momba ny fikarohana mpahay lalana araka ny Faritany misy anao. |

SUNY The State University of New York